# *Ny Ady*

Tsy hay fantarina ireo Làlany, sa tsy izany? Tompo mahafinaritra! Mamy toy ny ahoana ny matoky Azy. Azoko antoka mihitsy fa efa nanana fotoana nahafinaritra ianareo izao hariva izao. Ary teo am-pamoahana an'ilay varavarana aho teo fotoana vitsy lasa izay ka nandre an-dRanabavy Gertie nihira an'ilay hira fahiny hoe, *Manohiza Mihazona, Ora Iray Amboniny Fotsiny,* namerina fahatsiarovana ny fiangonana keliko izany, tamin'ny naha-izy azy talohan'ny nialako mihitsy indray mandeha mba handeha any amin'ireo sahan'ny asa fanompoana. Mijery aho ankehitriny ny "Tadiavo Aloha Andriamanitra" eto aloha eto eo amin'io andry be tranainy io, tsaroako fa Sammy Davidson no nandoko an'io teo amin'ny roapolo taona lasa teo izay, teo amin'ny ilany hafa dia heveriko fa nisy hoe, "Aiza No Handanianareo Ny Mandrakizay? Eritrereto!" Ary *teto* mihitsy no nisy ny—ny "Vehivavy Teo Amin'Ny Fantsakana," ary, "Daniela Ao An-davaky Ny Liona." Oh, oadray! Maro ireo zavatra nitranga hatramin'izany fotoana izany.

2 Teo amin'ny dimy ora mihitsy tamin'ity tolakandro ity dia naharay antso hamehana iray aho izay tonga avy tany amin'ny telopolo, efapolo maily teo ao amin'ity firenena eto ity, ny amin'ny vehivavy iray teo am-pahafatesana, ary tena sakaiza sarobidy iray, ny renin'i Georgie Carter. Ary fantatro fa nisy mpitoriteny maro teto hihazona mandra-piveriko. Edith dia efa tena narary, ihany koa. Ary raha mbola tany izahay, dia tonga teo amin'ny sehatra ny Tompo Andriamanitra, ka tena lavitry ny ho faty Ranabavy Carter. Noho izany, noho izany dia mankasitraka isika ny amin'izany.

3 Ary ankehitriny tsy ho ela dia fotoan'ny fandraisana izao, heveriko fa eo amin'ny roa ambin'ny folo ora eo no hanombohan'izy ireo. Amin'ny firy no namolavolanareo hanomezana an'izany? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Amin'ny fotoana rehetra, manomboka izao ka hatramin'ny ankoatran'ny amin'ny iraika ambin'ny folo sy sasany mihitsy."—Mpand.] Amin'ny fotoana rehetra mihitsy izay isika . . . Firy no handray ny fandraisana izao hariva izao, aoka ho hita ny tànanareo. Izany dia, oh, mahafinaritra izany. Eny àry, te-hiresaka teny iray fotsiny aho na roa. Angamba hametraka ny famantaranandroko eto aho mandritry ny folo minitra, dimy ambin'ny folo, dia hanomboka ny fandraisana isika. Ankehitriny, tianareo ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Amena. Ary fantatro fa efa nanana fotoana lehibe iray ianareo, sa tsy izany?

4 Eny, raha tsy Rahalahy Thomas Kidd ity eto ity, sy Ranabavy Kidd, avy any Ohio lavitra any. Heveriko fa efa teto izy ireo. Oh, mahafinaritra izany, manantena aho fa eo amin'ny horonam-

peo izao ary haka an'izany aho. Fantatrareo, tsy miala mihitsy izy ireo. Zato taona latsaka andro vitsy fotsiny izy ireo, saingy—saingy ny mihazona ahy ho mahery, dia ny mahita olona tahaka an'izany. Eritrereto, lehilahy antitra iray aho, nefa talohan'ny nahaterahako dia efa nitory ny Filazantsara izy ireo. Ary avy eo dia indro aho lehilahy antitra iray, ary izy ireo, raha tsy afaka mivoaka izy ireo ka mampaneno ny feony, dia maka fandraisampeo iray fotsiny izy ireo ka mandeha mitety hopitaly, mitety trano, mitory ny Filazantsara. Tena mahafinaritra tokoa izany. Amena. Azoko antoka fa faly aho ny amin'izy ireo sy ny amin'ireo rehetra izay efa manantena ato amin'ireto fotoana eto ireo.

5 Ankehitriny, tsarovy, hilaza an'izany izahay ankehitriny, raha sitraky ny Tompo, vantany vao vita mihitsy ny fiangonana, izay lazain'izy ireo fa ho eo amin'ny fahafolon'ny Febroary eo, nahoana, izahay dia, raha sitraky ny Tompo, tianay ny haka farafahakeliny valo na folo andro, na angamba roa herinandro, eo amin'ireo *Tombokase Fito* an'ny Apokalypsy. Ary handefa karatra izahay ho an'ireo olontsika mpitsidika avy any amin'ny manodidina, manomboka eto, ka hamela azy ireo hahafantatra fa misy fotoana betsaka mialoha noho izany raha manana fikasana ho tonga izy ireo, eny, dia azonay antoka fa faly izahay manana anareo eto. Ary angamba hanome antsika fanehoana hafa iray an'Ny Fanatrehany ny Tompo tahaka ny Nataony tamin'ny fotoana lasa rehefa namarana niaraka tamin'ireo *Taona Fiton'Ny Fiangonana* isika.

6 Raha mba maniry ny hivavaka ho an'ny olona iray ianareo, nahoana, dia tsarovy foana aho, satria izaho no anankiray tena mila an'izany marina tokoa. Ankehitriny, somary menatra kely ny tenako aho, maka an'ireo folo, dimy ambin'ny folo minitra eto, mba hilaza zavatra kely iray alohan'ny anombohantsika, fa ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny.

7 Tompo Jesosy, oh, hifarana ilay ady indray andro any, ka tsy hisy aretina hivavahana intsony, ary tsy hisy mpanota hibebaka intsony. Fa, Ray, raha mbola amin'ny maha-izy azy ity andro ity, dia mamelà anay hiasa raha mbola manana hazavana hiasana izahay, satria ho tonga ny ora izay tsy ahafahan'ny olona hiasa. Ankehitriny, mandritry ny fotoana vitsy fotsiny, Tompo, hahatsapa alahelo aho raha tsy nanao, hamarana an'ity taona ity tsy hilaza teny vitsy amboniny. Ampio aho, Ray, mivavaka aho, mba ahafahako hilaza zavatra izay hamboly fampaherezana ao am-pon'ny Vahoakanao, mba ahafahanay miala eto izao hariva izao rehefa avy manao ny fandraisana, ka ho fantatray fa ao amin'ny fandraisana dia misy tanjaka. Nanao ny fandraisana voalohany i Isiraely tany Egypta, ka nandeha efapolo taona tsy simba ny kiraron'izy ireo na lasa nanify ny akanjon'izy ireo. Ary, avy tamin'ny olona roa tapitrisa, dia tsy nisy anankiray nalemy teo anivon'izy ireo rehefa nivoaka ny an-efitra izy ireo. Tompo, mamelà anay hahatsiaro an'izany izao hariva izao raha

manatona an'ity ora lehibe ity izahay. Amin'ny Anaran'i Jesosy no ivavahanay. Amena.

8 Raha hiresaka ny tsoa-kevitra izay nosoratako aho izay saika natomboko tamin'ity tolakandro ity, dia ho eto isika amin'ny dimy maraina. [Hoy ny olona iray hoe, "Ho mety tsara izany."—Mpand.] Fa tiako ny hamaky Teny iray fotsiny avy ao. . . ["Ho mety tsara izany."] Misaotra anao. Avy ao amin'ny Efesiana, ny toko faha-6, andininy faha-12, ary mandritry ny fotoana vitsy fotsiny ankehitriny, ho an'ny fampaherezana.

> *Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny fanapahana, amin'ny hery, amin'ny. . . mpanjakan'ny. . .fahamaizinan'ity izao tontolo izao ity, amin'ireo fanahy ratsy eny amin'ny toerana avo.*

9 "Ireo fanahy ratsy eny amin'ny toerana avo." Ary tiako ny hisintona tsoa-kevitra kely iray folo na dimy ambin'ny folo minitra avy amin'izany, na lahateny, raha ny marina, tiako ny hiantso azy hoe: *Ny Ady*. Ny ady iray dia fitsapan-kery iray. Ary isika, eo amin'izay ananantsika ny. . .fitsapan-kery. Isika taloha dia nanana. . .Ny Indiana taloha dia nanao afo iray, ary nametraka lehilahy maro be izy ireo teo amin'*ity* faran'ny tady ity, ary maro be teo amin'*ity* farany ity, ary ilay—ilay ady mifampisinton-tady, ilay adin'ny hery, dia nisintona an'ilay antoko resy tao anatin'ilay afo. Ary ankehitriny isika dia mahafantatra fa misy zavatra maro, ka afaka mametraka an'ity eo amin'izany isika mandritry ny minitra vitsy, an'ny—an'ny ady, fa tiako ny hiresaka haingana mandritr'ireto minitra ireto eo amin'ilay ady lehibe indrindra izay misy, izany dia, eo amin'ny Fiangonana sy Satana. Ilay hery lehibe an'i Satana. Ary tiantsika ny hiresaka an'ilay hery lehibe an'Andriamanitra ao amin'Ny Fiangonany.

10 Ankehitriny, ity ady lehibe ity dia efa nitohy nandritry ny taona maro. Izany dia nanomboka tany An-danitra, ary voaroaka nanketo an-tany i Satana, ary tamin'izay fotoana izay izy no lasa fahavalon'ny vahoakan'Andriamanitra. Ary, hatramin'izany fotoana izany, dia nampiasa ny heriny sy ny paik'adiny rehetra izy mba hiezaka hisintona ny vahoakan'Andriamanitra ao anatin'ireo afo, na, ao anatin'ireo afony.

11 Ary fantatsika hoe Iza no manana ny hery lehibe indrindra, Andriamanitra izany. Ary Andriamanitra, rehefa nanome ho an'ny Olony ny Zavatra tsara indrindra izay Azony nomena Izy hiadiana amin'i Satana, dia Ny Teniny. Ankehitriny, satria ny Teny dia Andriamanitra, ka iza no matanjaka kokoa noho Andriamanitra? Noho izany, ny Teny dia Andriamanitra, ary ny Teny no lasa herintsika. Andriamanitra ao amin'ny Fiangonana, dia lasa Heriny mba hisintona an'i Satana ho ao amin'ireo afony manokana izay namboariny. Ary mitohy ilay fifampisintonana.

Ankehitriny, Jesosy no nilaza, ao amin'ny Marka 16 hoe, "Handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo."

12 Ankehitriny, fantatro fa fiteny fahiny iray hoe ny olona, na, misy fiteny fahiny iray izay . . . ary ilay izy dia tsy fahiny loatra, ihany koa. Tsy mino ny demony ny olona amin'izao andro izao. Fa ny zavatra hatao, araka ny hevitro, dia fantaro ny fahavalonareo. Ary—ary fantaro ny fahavalonareo, ka miofàna ho amin'ilay ady izay hanananareo rehefa mihaona aminy ianareo, satria hihaona aminy ianareo. Ary fantaro izy, fantaro ny . . . fantaro hoe inona no heriny, ary avy eo dia miofàna ho an'izany ady izany rehefa tena hihaona aminy ianareo. Fa zavatra anankiray no azo antoka, hihaona aminy ianareo, ary noho izany dia miofàna ho amin'ilay ady.

13 Ankehitriny, ny fiofanana ho amin'ny ady iray dia mitovy amin'ny mpanao ady totohondry iray fotsiny. Ny—ny fahavalony izay hihaonany ao amin'ny ady iray, hiadiana, ny tena mpiady tsara iray dia mazàna mahafantatra sy mandinika ny mpifaninana aminy. Mandinika an'ireo fameliny izy, mahafantatra hoe aiza no iadiany, na mirona mandroso izy, mijanona any aoriana, miady amin'ny tànana havanana na tànana havia. Mandinika an'izany rehetra izany izy. Ary amin'izay fotoana izay raha mpiady tsara iray izy, mahay, dia maka mpiara-miasa mpanazatra iray ho azy izy izay hiady mitovy amin'ny fiadin'ny mpifaninana aminy mihitsy, satria ho fantany ny fameliny rehetra rehefa tonga eo amin'io toerana io izy.

14 Ary heveriko fa izany no zavatra iray tena tsara hataon'ny Kristiana. Marina izany. Ary ankehitriny raha te-hanomboka fiofanana iray ianareo, dia manomboha amin'i Jaona 3:16, ilay Lalàna Volamena. Manomboha amin'izany avy hatrany, dia izany no hitondra anareo eo amin'ilay gorodona. Ary avy eo dia miofàna amin'ireo—amin'ireo totohondry mahatorana, satria tsy maintsy hampiasa azy ireny ianareo. Ny olona rehetra dia mahafantatra an'izany. Tsy maintsy miofana hamely ny fahavalonareo ianareo. Ary isan'andro, dia mampiasa Ny Teniny Andriamanitra. Tsy maintsy mahatsiaro isika fa mampiasa Ny Teniny Andriamanitra mba handresy ny Fahavalony. Raha afaka nieritreritra Andriamanitra na afaka nanome zavatra tsaratsara kokoa ho an'ny Olony handresena ny fahavalo, dia ho Nataony izany. Noho izany araka ny nolazaiko isan'andro hoe, "Rehefa mandray fanapahan-kevitra iray Andriamanitra, dia izany no tsara indrindra izay misy. Tsy mila manova mihitsy an'ireo Fanapahan-keviny Izy." Noho izany ny fanapahan-kevitra voalohany nomen'Andriamanitra ny Olony tao amin'ny sahan'i Edena, hiadiana amin'ilay fahavalo, dia Ny Teniny. Nampaherezina tamin'Ny Teniny izy ireo.

15 Ary ankehitriny ilay fahavalo dia handinika ny . . . ny paik'adintsika amin'ny Teny. Ary, ankehitriny, Satana

dia efa nandinika an'izany rehetra izany tena tanteraka mihitsy hany ka, rehefa tonga teo amin'i Eva izy, dia nanana an'ilay—ilay paik'ady tsara indrindra izay azony nampiasaina teo aminy izy, ary izany dia ny mandanjalanja miaraka amin'ny Teny. Ankehitriny, tsy ilainareo mihitsy ny mandanjalanja miaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra. Minoa fotsiny an'Izany. Aza manandrana hanazava an'Izany. Aza manandrana hanombatombana an'Izany. Ankehitriny, tsy afaka manombatombana an'Andriamanitra ianareo, noho izany Andriamanitra dia ny Teny, ary natao hinoana fotsiny Izany. Ary izany no Herintsika, maneke fotsiny ny Teny. Ary ny olona rehetra dia mahafantatra fa ny voa iray ao anatin'ny karazana tany tsara dia hamokatra ny karazany. Ary mandray fotsiny ny Teny isika.

16 Ary, ankehitriny, nanomboka nijanona mba handanjalanja i Eva, rehefa izy. . .nanonona ny Teny taminy izy, hoe, "Hoy Andriamanitra hoe, 'Aza mihinana an'izany ianareo, fa amin'ny andro ihinananareo an'izany' amin'izany andro izany dia ho faty izahay."

17 Ary tsy niady hevitra taminy mihitsy Satana. Hoy izy hoe, "Izany tokoa, marina izany." Fa hoy izy hoe, "Hitanao, mila Hazavana vaovao iray ianao." Zavatra samihafa kely amin'izay nolazain'Andriamanitra. "Ary raha tena manao an'izany ianao, dia ho manan-tsaina kely kokoa. Hisokatra ny masonao."

Fa hoy izy hoe, "Eny, Andriamanitra no nilaza fa ho faty izahay."

18 Hoy izy hoe, "Oh, azo antoka. . ." Hitanareo, tonga eo ianareo, hatreo amin'izany fotsiny, "Azo antoka fa tsy ho faty ianareo." Fa Andriamanitra no niteny fa ho faty ianareo, dia milamina hatreo izany! Ary izany—izany no nanapaka an'ilay ady mifampisinton-tady lehibe tamin'izay fotoana izay, ka nisintona ny taranak'olombelona rehetra tao anatin'ny fahafatesana, satria nihaino fandanjalanjana iray nanohitra ny Tenin'Andriamanitra i Eva. Ankehitriny, henatra iray ny nanaovany an'izany, saingy efa lasa izany. Fa ankehitriny dia mbola ampaherezina foana isika, ary io rojo mampitohy io dia voatambatra ao amin'i Kristy Jesosy. Fantatsika izany. Andriamanitra dia nanome antsika ny fiarovantsika tsara indrindra, matoky Ny Teniny fotsiny ihany.

19 Fantatrareo, ary maro no milaza amin'izao andro izao fa tsy misy izany karazana devoly iray izany. Izy ireo dia mino fa eritreritra iray fotsiny ihany izany. Mino an'izany izy ireo. Ary misy ny olona izay mino fa—fa—fa ny Fanahy Masina dia eritreritra tsara iray, ary ny devoly dia eritreritra ratsy iray. Fa raha mahamarika ianareo, rehefa miresaka ny amin'ny Fanahy Masina ny Baiboly, dia hoy Izy hoe, "Rehefa tonga Izy ilay Fanahy Masina." Ary "Izy" dia mpisolo anarana iray. Hitanareo?

Noho izany, Izy, Izy dia Olona iray. Ary ny devoly dia olona iray. Ary ireo demony dia olona. Eny, demony izy ireo, ary izy ireo—tonga amin'ny fomba maro izy ireo. Fa mihevitra izy ireo fa hevitra lamaody tranainy iray izany.

20 Nifamaly tamiko ny lehilahy iray teto herinandro vitsy lasa izay. Hoy izy hoe, "Fantatrao ve izay ataonao? Mampiditra zavatra iray ao amin'ny fisainan'ireo olona ireo ianao rehefa miteny amin'izy ireo an'izany zavatra izany. Fanovàna eritreritra iray fotsiny izany."

21 Efa nifanena tamin'ilay tena zavatra iray ihany mihitsy aho tany Inde indray mandeha, rehefa nanana an'ireo lehilahy masina ireo izahay tany, mino aho fa izany no mpanatrika lehibe indrindra izay hany niresahako, tao amin'ny mpanatrika malaza anankiray, olona teo amin'ny antsasaky ny iray tapitrisa, ary tratrako tamin'ny alàlan'ny famantarana tao amin'ny Fanahy izany. Fa nahita ny Fanahy Masina niantso ny olona izy ireo, ary niantso azy ireo, tao amin'ireo mpanatrika, ka niteny zavatra samihafa, ary nahatratra ny eritreritr'izy ireo. Ireo Rajas sy ireo lehilahy masina, hoy izy ireo hoe, "Mamaky ny fisainan'izy ireo izy."

22 Noho izany afaka fotoana vitsy, dia teo amin'ny dimy na enina no nandalo tao amin'ilay laharam-bavaka, dia nandalo ny lehilahy jamba iray. Ary jamba tanteraka izy, ka ny masony dia fotsy tahaka ny lobako. Ary hoy aho hoe, "Ankehitriny indro misy lehilahy jamba iray, ny olona rehetra dia afaka mahita fa jamba izy." Dia hoy aho hoe, "Raha afaka manampy azy aho dia hataoko izany, saingy ny fomba tokana azoko atao dia ho amin'ny alàlan'ny fanomezam-pahasoavana iray, mba hilaza zavatra iray izay nataony angamba; ary izany no hanome fieritreretana fa raha fantatr'Andriamanitra izay nataony, dia ho Fantany tokoa izay hataony." Noho izany dia hoy aho hoe, "Ankehitriny, jereo izy," hoy aho, "ankehitriny, izy dia mpanompo masoandro iray. Efa jamba roapolo taona izy." Ary, rehefa nolazain'ilay mpandika teny izany, dia marina izany. Hoy aho hoe, "Lehilahy iray manambady izy. Izy . . . ny vadiny raha ny marina dia kely, ary manana zanakalahy roa izy, ny iray eo amin'ny fito taona, ny iray sivy." Tena marina tokoa izany. Niantso ny anaran'izy ireo aho, dia izany ilay izy.

23 Avy eo tao amin'ilay mpanatrika, tao amin'ny toerana izay nisy an'ireo olona, dia tonga io onja io hoe, "Ara-tsaina izany, izany dia zavatra iray tahaka ny—ny famakiana ara-tsaina iray an'ny fisainan'izy ireo."

24 Tamin'izay fotoana izay dia nieritreritra aho hoe, "Tompo, raha hanampy ahy fotsiny Ianao. Izaho—mila ny Fanampianao aho, Tompo. Ireto olona ireto dia miezaka manakilasy an'izao ho fifandraisana ara-tsaina. Fa tsy izany ilay izy, ary Fantatrao izany, Tompo." Kanefa, efa nanome azy ireo ny Soratra aho izay

nolazain'i Jesosy fa Izy dia tsy manao na inona na inona raha tsy ny Ray no maneho Aminy. Ary avy eo, nitodika nijery an'ilay lehilahy indray aho, dia nahita azy teo ambony teo mihitsy aho tao amin'ny fahitana iray, niaraka tamin'ny maso tsara tahaka ny ananako. Nieritreritra aho hoe, "Ankehitriny no fotoana."

25 Hoy aho hoe, "Ity lehilahy ity dia mpanompo masoandro iray, ankehitriny, ary lasa jamba izy." Dia hoy aho hoe, "Ankehitriny, ny...Eo ireo mpisorona Mohametana, ary eo ireo—ireo mpisoron'ny Sikhs, Jains, ary ireo karazam-pivavahana samihafa, Bouddha. Ankehitriny dia te-hahazo ny fahitany ity lehilahy ity. Ankehitriny, hilaza ianareo fa izy—izy dia nanompo ny famoronana raha tokony ho ny Mpamorona. Izaho dia mino an'izany, ihany koa. Saingy mipetraka eto isika izao hariva izao." Hoy aho hoe, "Ary isika dia efa... androany dia noraisina tao amin'ny tempolin'ireo Jains aho izay nisy fivavahana fito ambin'ny folo samihafa nifampiresaka tamiko, ka ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nanohitra an'i Kristy, ny tsirairay avy!" Dia hoy aho hoe, "Ankehitriny, ary maro aminareo lehilahy no tany. Ankehitriny, raha tena diso Kristy, amin'izay fotoana izay dia mila ho marina ity lehilahy ity, ary azo antoka fa ilay Andriamanitry ny famoronana Izay nanao an'izao tontolo izao no ho Anankiray tokana Izay afaka hanome azy ny fahitany. Azo inoana izany." Dia hoy aho hoe, "Ankehitriny, raha ny iray aminareo olona, ny Mohametana eto no fivavahana mitarika, raha ho avy eto ilay mpisorona Mohametana ka hanome azy ny fahitany, amin'izay fotoana izay dia hanaraka ny Mohametana aho, na raha ilay mpisorona Bouddha no ho avy hanome azy ny fahitany. Fa aoka ilay Andriamanitra Izay nanao azy, ilay Andriamanitra, olon'Andriamanitra iray any ho any, satria tsy maintsy misy izany, tsy afaka manana famoronana iray isika raha tsy misy Mpamorona iray. Ary hila Mpamorona iray izany hamorona fahitana ao amin'ireto maso ireto. Efa jamba roapolo taona izy nohon'ny fijerena masoandro, nihevitra fa handeha any An-danitra izy raha nanao an'izany. Nanao an'izany tsy ampahalalana ilay lehilahy." Hoy aho hoe, "Inona no hataonareo ry mpisorona Bouddha? Hanova ny fomba fisainany fotsiny ianareo. Hilaza ianareo fa diso izy." Nanompo an'ireo razany maty izy ireo. Dia hoy aho hoe, "Ankehitriny, nihevitra ianareo fa izy dia, nilaza ianareo fa diso izy, saingy inona no hataonareo? Hanova ny fomba fisainany ianareo." Dia hoy aho hoe, "Inona no hataon'ny Mohametana? Manova ny fomba fisainany. Ireo Sikhs, Jains, sy ny sisa, manova ny fomba fisainany."

26 Hoy aho hoe, "Manana an'ilay zavatra iray ihany izahay any Etazonia. Ny Metodista rehetra dia te-hanao ny Batista rehetra ho lasa Metodista, ary ireo Pentekotista dia te-haka an'ireo Metodista rehetra ka hanao azy ireo ho Pentekotista. Fiovam-pisainana iray izany. Fa tsy izany no resahantsika.

Miresaka mikasika an'Andriamanitra isika, ilay Mpamorona." Dia hoy aho hoe, "Azo antoka fa hiteny ilay Mpamorona." Ary, ankehitriny, tsy ho niteny an'izany aho raha tsy efa teo ilay fahitana, na oviana na oviana. Ankehitriny dia hoy aho hoe, "Ankehitriny, raha ilay Anankiray, ndao isika hamela Azy izay Andriamanitra, ho tonga hanome azy ny fahitany." Dia hoy aho hoe, "Ankehitriny dia mihaika ny mpisorona rehetra aho na Raja, na lehilahy masina na mety ho inona izany, ho tonga ka hanome azy ny fahitany, dia hanaraka ny filozofianareo aho, nahavita niova fo iray ianareo." Ary izany no andian'olona nangina indrindra izay hany reko. Hitanareo? Tsy nisy olona nanao an'ilay izy.

27 Dia hoy aho hoe, "Inona no tena mampangina anareo?" Hoy aho hoe, "Ny antony mampangina anareo, dia satria tsy afaka manao an'ilay izy ianareo, ary izaho koa aza tsy afaka. Fa ilay Andriamanitry ny Lanitra Izay nanangana Ny Zanany Jesosy Kristy, Izay mpanompony izahay, dia vao avy naneho fahitana iray tamiko fa hahazo ny fahitany ilay lehilahy." Hitanareo? Hoy aho hoe, "Ankehitriny, raha tsy tanteraka izany, amin'izay fotoana izay dia afaka mandroaka ahy hiala an'i Inde ianareo. Fa raha tanteraka izany, dia tsy maintsy manome ny fiainanareo ho an'i Jesosy Kristy ny tsirairay avy aminareo. Tiako ny hanontany anareo, firy ato no hanome ny fiainanareo ho an'i Kristy raha mahazo ny fahitany ity lehilahy jamba ity? Hitanareo ireo mpisoronareo, tsy nisy olona niakatra teto. Nahoana izy ireo no tsy avy, raha niteny taminareo izy ireo fa ny fivavahany no tena goavana sy tena lehibe? Nahoana no tsy nisy olona tonga ka nilaza zavatra iray?" Tsy nisy olona tonga. Hoy aho hoe, "Noho izany ianareo olona eo, raha mahita an'ity lehilahy jamba mitsangana eto ity ianareo . . . "

28 Ary tonga ny dokotera iray mba hizaha ny masony. Nanetsiketsika ny lohany izy, hoy izy hoe, "Jamba izy."

29 Ary noho izany dia hoy aho hoe, "Izany tokoa, jamba izy." Fa hoy aho hoe, "Raha . . . Ary raha omen'Andriamanitra azy ny fahitany, dia firy aminareo no hanompo an'i Jesosy Kristy?" Ary arak'izay azoko nojerena mihitsy, ranomasimbe an'ireo tànana mainty. Nitodika tany amin'ilay lehilahy aho, ka nanao hoe, "Tompo Jesosy, aoka ho fantatra fa Ianao no Andriamanitra." Nandramby ahy teo amin'ny tenda ilay lehilahy, ary teo ilay ben'ny tanànan'i Bombay nipetraka teo, norambasany tamin'ny tenda izy, nahita tsara tahaka ny ahafahan'ny olona rehetra mahita.

30 Inona izany? Izany no—izany tokoa no hery iray! Andriamanitra no Andriamanitra, ary Satana no Satana! Raha tsy mino devoly iray ianareo . . . Fony aho vao nanomboka voalohany, izaho—nikatro-doha taminy aho isan'andro. Aza miteny amiko fa tsy misy ny devoly, satria mahafantatra tsaratsara kokoa aho. Tsy maintsy miady aminy isan'andro

aho. Noho izany dia fantatro fa misy—misy ny devoly. Ary tsy maintsy voaofana ianareo rehefa mihaona aminy. Tsy voaofana ao amin'ny fandinihana ara-tsaina, tsy voaofana ao amin'ny fianarana; fa voaofan'ny Fanahy Masina; ny herin'Andriamanitra ao amin'Ny Teniny hanao Azy ho voaseho. Fantaro ny fahavalonareo. Oh, zavatra iray masiaka toy ny inona izy!

31 Toy ny ahoana no hitiavako hitsangana eto ankehitriny ka manitatra eo amin'izany, miverina manerana ny Baiboly ka maneho aminareo lehilahy iray ao izay tonga nifanatrika taminy. Ahoana fa tao amin'ny ady nanohitra an'ilay fahavalo, dia nampahery ny tenany tamin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra izy ireo. Nanana fahatsapana iray ny amin'izany i Noa, ary fantany fa Andriamanitra no niteny taminy fa ho avy ny orana. Ary nitohy ilay ady teo amin'ny siansa sy ny Tenin'Andriamanitra: Hoy ny siansa hoe, "Tsy mety hitranga izany." Hoy Andriamanitra hoe, "Hitranga izany." Amena.

32 Misy io zavatra iray io ihany amin'izao andro izao. Hitranga izany! Tena mitranga izany! Misy ny devoly! Fa Jesosy no nandroaka azy ireny, ary nanome fahefana Ny Fiangonany hanao tahaka an'izany Izy hoe, "Roahy amin'Ny Anarako ny devoly!" Nandroaka devoly fito avy tao amin'ny vehivavy tsara tarehy mihitsy aza Izy indray andro. Ary hoy Izy hoe, "Rehefa mivoaka ao amin'ny olona iray ny fanahy maloto, dia mandeha any amin'ny toerana maina izy, miverina indray avy eo, mitondra devoly fito hafa miaraka aminy." Ankehitriny, izany dia mba hanehoana fa raha nodiovina tamin'ny devoly ny olona iray, dia nisy zavatra iray tao aminy izay nivoaka. Devoly iray no nivoaka! Ankehitriny, rehefa niala ny devoly, izany dia Andriamanitra. . . manome fanararaotra iray ho an'Andriamanitra hidirana. Noho izany, ary rehefa mivoaka izy, dia avelao hiditra ny Fanahy Masina. Aza avela fotsiny eo izany. Raha mibebaka amin'ny fahotanareo fotsiny ianareo ka manohy, amin'izay fotoana izay dia ho lasa ratsy noho ny hatramin'izay ianareo. Fa ataovy io toerana izay niainan'i Satana indray mandeha sy nonenany io, ataovy feno ny Fanahy Masin'Andriamanitra izany, ary amin'izay fotoana izay dia hanana ny herin'ny Tenin'Andriamanitra ao anatinareo ianareo, voaseho, ary mandroaka devoly. Mandeha ny ady. Mamiratra ireo Hazavan'ny hariva. Manatrika ny Fanahy Masin'Andriamanitra.

33 Ary ankehitriny dia eo—eo amin'ny telo minitra fotsiny dia ho fotoana hitsofan'ireo kiririoka, dia ho misasakalina. Noho izany satria hiala amin'ity tranobe ity isika, handeha any amin'ireo toerantsika samihafa sy ireo tranontsika, ary hihaona amin'ny any ivelany, sy hihaona amin'izao tontolo izao, dia ndao isika tsy handeha tahaka ny nandehanantsika tamin'ny fotoana tany aloha. Ndao isika handeha amin'ny

herin'ny Fitsanganany. Ndao isika handeha amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, miaraka amin'ny faneva mitsangana ambony, sy miaraka amin'ny finoana Ny Teniny, mba hampiasa an'ilay Sabatra roa lela, miaraka amin'ny ampinga sy manao an'ilay fiadian'Andriamanitra feno, hihaona amin'ilay fahavalo, satria lasa miha-matanjaka sy mahery hatrany izy isan'andro. Raha ny—raha tonga tahaka ny safo-drano ny fahavalo, dia manangana faneva iray manohitra azy ny Fanahin'Andriamanitra. Raha tonga eo amin'ny fiafaran'ireo zavatra ireo isika izay isika. . . ka tanteraka eo amintsika ireo zava-miafin'Andriamanitra, dia manantena hery amboniny isika, hery mampakatra iray, hihaona amin'ny. . . hery lehibe indrindra, izay hampakatra ny Fiangonana sy hitondra azy ao amin'ny Voninahitra. Tsy maintsy manana an'izany isika. Ndao isika hihaona amin'ny '63 miaraka amin'ny fihaikana iray, toy ny hoe, mpanompon'Andriamanitra velona isika! Ary tahaka an'i Sadraka, Mesaka ary Abednego fahiny, dia tsy hiondrika eo amin'ireo devolin'ity izao tontolo izao ity isika ka haka indray an'io zavatra izay noresahantsika io, fa ndao isika hanohy ny ady.

34 Mahatsapa aho izao hariva izao, raha mandre an'ireo kiririoka isika, zavatra iray tahaka ny nahatsapan'i Davida an'ilay alina tena nahamay rehefa nandry teo ambanin'ireo kirihitra voaroy izy tany, ka nifoha ilay fahavalo. Tsy maintsy ho ora iray toy ny inona izany ho an'i Davida! Fotoana iray toy ny inona izany ho azy izay nandry teo! Tsy fantany hoe ahoana no hihetsehana, tsy fantany hoe inona no handalovana, satria fantany fa maro an'isa izy. Fa, tampoka teo, dia nandre an'ilay feon'ny Rivotra iray izy nandalo teo an-tampon'ireo kirihitra. Fantany fa Andriamanitra no nandeha teo alohany, ka nandeha tao amin'ilay ady izy. Mahatsapa zavatra tahaka an'izany aho izao hariva izao, taorian'ny Hafatra omaly hariva, mipetraka ao amin'ilay ora maizina indrindra izay hany natrehako teo amin'ny fiainako aho. Mahatsapa tahaka an'i Isaia tao an-tempoly aho rehefa avy nahita an'ireo anjely, olona maloto molotra aho, ary monina eo anivon'ny olona maloto molotra. Fa henoy, izaho—izaho dia. . . tsy maintsy hihaona amin'izany aho na izany aza, ary, avy amin'ny zavatra tokana, dia miandry ny handre an'io mifofofofo mandalo an'ireo kirihitra voaroy io aho, mba handeha hihaona amin'ilay fahavalo na aiza na aiza misy azy. Hanampy antsika anie Andriamanitra hanao an'izany.

35 Ary ankehitriny dia heveriko fa amin'ny roa ambin'ny folo ora latsaka iray minitra izao. Ary ny '62 miaraka amin'ny lasany rehetra, ndao isika hamela azy ho lasa.

36 Ndao isika hitsangana ankehitriny, ny isanisany sy ny tsirairay avy amintsika. Mandeha ny ady. Ny tsirairay avy aminareo. . . Hoy i Paoly hoe, "Manadino an'ireo zavatra izay tany amin'ny lasa," ireo fahadisoantsika rehetra tamin'ny taon-

dasa, “mandroso mankany amin’ilay mariky ny fiantsoana avy any ambony aho.” Ireo fahadisoako rehetra izay vitako tao amin’ireo taona rehetra ireo, mamelà ahy ny amin’izy ireny. Andriamanitra, mamelà ahy. Ry fiangonana, mamelà ahy. Ary ny asam-panompoana izay izaho—tsy nahombiazako, mahatsapa aho; Andriamanitra, mamelà ahy ny amin’izany. Ry fiangonana, mamelà ahy ny amin’ireo fahadisoako. Fa handroso mankany amin’ny mariky ny fiantsoana avy any amin’ny avo ao amin’i Kristy Jesosy aho. Na inona na inona hazonin’ny ampitso, tsy fantatro, saingy fantatro hoe Iza no mihazona ny 1963.

37 Ndao isika hanangana ny tànantsika amin’Andriamanitra ankehitriny ary ndao isika hivavaka amin’ny fanaontsika manokana, raha manao ny fiaikentsika isika, ka mangataka an’Andriamanitra hanampy antsika mandritr’ity taona ho avy manaraka ity.

38 Ray any An-danitra, raha mitsangana eto izahay, raha eritreritra maro no eo am-pahafatesana ao am-ponay, sy ny amin’ireo fahadisoana tamin’ny taon-dasa, ary raha manatona ny fahafatesan’ny ’62 sy ny fahaterahan’ny ’63 izahay, O Andriamanitra, enga anie izahay ho zana-tohatra iray avo kokoa eo amin’ilay tohatra, mandra-pahitanay an’i Jesosy sy ny Fandaharany. Enga anie ny tsirairay eto, Tompo, ao amin’ny vavaka, raha eo am-pahafatesana ilay taona taloha, ka miditra ilay fahateraham-baovao an’ilay taona vaovao, enga anie ny fahotana sy ny tsi-finoan’ilay olona fahiny ho faty ao am-ponay, ka hiditra miaraka amin’ny 1963 ny Fahateraham-baovao, tahaka ny Rivotra mifofofo iray, mahery mba hameno ny tenanay ka hanao anay ho olom-baovao ao amin’i Kristy.

39 Ataovy mpanompo sahaza izahay. Mamelà ny lasanay. Tahio ny ho avinay. Tariho làlana izahay, O Tompo Andriamanitra, amin’ny Tànanao mahery, Jehovah. Tahio ireto mpitoriteny eto ireto. Tahio ny laika rehetra, ny mpitsidika rehetra. Mombà anay Ianao, Tompo. Mpanomponao izahay ary manome ny tenanay manontolo ho Anao ho an’ny 1963, mba hahatonga ny herin’Ny Fanahinao hanana fahamboniana kokoa eo amin’ny fiainanay sy eo amin’ny vatanay. Ampio izahay, Andriamanitra. Mamelà anay ary ampio izahay, mivavaka izahay. Manangàna lehilahy mahery! Manangàna mpiady maherin’ny Finoana! Sokafy amin’ity taona ity, Tompo, ilay Mana miafina, ilay Vatolampy ao ambanin’ny vatolampy, mba hahafahanay mahita ny fandaharan’Andriamanitra. Sarony ireo pyramidan’ny fiainanay, Tompo; apetraho ilay Vatosarona, Kristy Jesosy, eo ambonin’ny isanisany sy tsirairay avy aminay. Enga anie ny Fahatsarany lehibe, ireo fitahiana masina ho eo aminay rehetra. Enga anie ho tonga eo aminay ny afon’ny Fanahy Masina. Enga anie ho voaseho ny herin’ny fitsanganana. Andriamanitra, toy ny ahoana no isaoranay Anao, izao hariva izao. Anao izahay. Manolotra feno ny tenanay ho Anao izahay, Tompo.

40 Raha handeha lavitra any aho, tsy mahafantatra hoe aiza na ahoana, na inona no hataoko, matoky Anao aho, Andriamanitra Tsitoha, fa Ianao no hitari-dàlana ahy, ny Mpanomponao tsy misy ilaina azy, mba hahafahako ho ampiasaina ho an'ny haja sy voninahitr'ilay Tsitoha. Ekeo izany, Ray.

41 Raiso ny vavakay. Tahio ny ezakay. Sitrano ny marary sy ny ory, na ara-panahy na ara-batana. Ary ataovy ho Mpanomponao izahay. Izahay no tanimanga, Ianao no Mpanefy. Lasiro izahay, ny tsirairay avy, ao amin'ny Fombanao Manokana, mba hahafahanay hiara-hitovy amin'i Kristy Jesosy, amin'ny mahavatana iray an'Ny Vatany. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay, sy nohon'ny Aminy ary nohon'ny amin'ny Filazantsara. Amena ary amena.

[Miteny amin'ny fiteny hafa ny rahalahy iray. Manome fandikana iray ny rahalahy hafa—Mpand.]

42 Misaotra Anao, Ray, Andriamanitra. Misaotra Anao izahay ny amin'izany fampaherezan'ny Taona Vaovao izany izay maniraka anay hivoaka miaraka amin'ireo fanantenana sy miaraka amin'ny fiononana amin'ny fahafantarana fa amin'ny alàlan'ny fitenenana an'ireo teny ireo tamin'ireto lehilahy izay tsy mahafantatra ireto, fa marina ny Hafatra, ka mangataka anay Ianao mba hanohana an'Izany. Hanao an'izay rehetra fantatray hatao izahay, Tompo, mba hanohana Anao sy Ny Teninao.

43 Raiso izahay amin'Ny Anarany Izay nampianatra anay rehetra fa tokony hivavaka tahaka an'izao izahay hoe, [Miaraka mivavaka Rahalahy Branham sy ny fiangonana—Mpand.]: "Rainay Izay any An-danitra, hohamasinina anie Ny Anaranao. Ho tonga anie Ny Fanjakanao. Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany, tahaka ny any An-danitra. Omeo anay anio ny mofonay isan'andro. Ary mamelà anay ny amin'ny helokay, tahaka ny amelanay izay meloka taminay. Ary aza mitondra anay amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy; fa Anao ny Fanjakana, sy ny hery, ary ny voninahitra, mandrakizay. Amena."

44 Ny Tompo anie hitahy anareo sy hiambina anareo. Fa ireo izay tsy maintsy handeha any an-tranony ankehitriny . . . Ankehitriny mahery dimy minitra izao, dimy minitra ao amin'ny '63. Enga anie Andriamanitra hitahy anareo ankehitriny. Ary—ary ianareo izay te-hijanona ho an'ny fandraisana, dia tongasoa fotsiny ianareo mba hijanona, ho faly izahay ny hanana anareo. Tsy fandraisana iray mikatona izany, ho an'ny mpino rehetra izay ao amin'ny fiombonana amin'i Kristy izany. Tongasoa ianareo mba hijanona sy handray ny fandraisana miaraka aminay. Ary ny antony anaovantsika an'izao dia satria izao no zavatra voalohany, manomboka dia iray isika. Ary Isiraely, talohan'ny nanombohan'izy ireo ny diany, dia

namono zanak'ondry izy ireo ary nihinana anana mangidy, dia nanomboka ny diany. Ary nieritreritra aho hoe, "Mety toy ny ahoana izany izao hariva izao!" Efa voavono ilay Zanak'ondry, efa nokarakaraina Izy, ilay fety, ary misasakalina izao. Tamin'izany no nihinanan'izy ireo azy, fantatrareo, tamin'ny misasakalina. Noho izany dia ndao isika. Ianareo izay te-hijanona miaraka aminay ka nivonona ho an'ilay dia izay ho avy, izay mipetraka eo aloha, dia ho faly izahay ny hanana anareo. Andriamanitra hitahy anareo.

45 Ary ianareo izay tsy maintsy handeha ankehitriny, dia afaka mandeha any an-tranonareo ianareo, ary homba anareo anie Andriamanitra mandra-pahitako anareo indray. Amena. Ny sisa aminareo dia afaka mipetraka ary avy eo dia hanomboka ny fandraisana isika. Ny anabavy dia . . . Eny àry, tompoko.

> Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
> Mandra-pihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy; (mandra-pihaonantsika)
> Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
> Homba anareo anie Andriamanitra mandra-pihaonantsika indray!

46 Ndao isika hihira an'izany indray raha eo am-piandrasana isika, fantatrareo, an'ireo izay mivoaka. Aoka hiverina ny filaminana, ary avy eo dia zavatra tena feno haja izao. Hamaky zavatra iray avy ao amin'ny Soratra eto aho afaka fotoana fohy fotsiny izay tena, tena, tena tsara. Ary ndao isika hihira an'izany indray ankehitriny.

> Mandra-pihaonantsika! Mandra . . .

Ndao isika hifandray tànana amin'ny olona iray fotsiny. Raha misy zavatra ratsy ao amin'ny fiainanareo, ka eto io olona izay nanaovanareo ratsy io, mandehana mankany amin'izy ireo ankehitriny ka alamino izany.

> Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
> Andriamanitra . . .

Ho avy eto amin'ny piano ve ilay mpitendry piano, azafady?

> . . . homba anareo mandra-pihaonantsika indray!

> Mandra-pihaonantsika . . .

47 [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Branham."—Mpand.] Mametraka an'ity rehetra ity eo an-tànanao aho, Rahalahy Neville. ["Ny Tompo hitahy anao. Mino aho . . .? . . ."] . . .? . . .

> Mandra-pihaonantsika!
> Homba anareo anie Andriamanitra mandra-pihaonantsika indray!

Andriamanitra hitahy anao, rahalahy.

Miahy anao Izy,
Miahy anao Izy;
Na andro mihiratra na maloka,
Miahy anao Izy.

Ndao isika hihira an'izany indray.

Miahy anao Izy,
Miahy anao Izy;
Na andro mihiratra na maloka,
Miahy anao Izy.

48 Tsy tsara tarehy ve izany? Ndao isika hihira an'izany indray raha mangina izy ireo.

Izy . . . (akimpio fotsiny ny masonareo) . . . anao,
Miahy anao Izy;
Na andro mihiratra na maloka,
Miahy anao Izy.

49 Ray any An-danitra, tena faly izahay fa hitanay hoe marina izany, ao amin'ireo oranay maizina na amin'ny andro mihiratra, dia tsy mamela na mahafoy mihitsy Izy. Tena sambatra izahay ny amin'izany fa izahay dia manana, ny fahatokianay dia tsy miorina eo amin'inona na inona afa-tsy ny Ràn'i Jesosy miaraka amin'ny fahamarinana. Matoky izahay, Tompo, tsy eo amin'ny lazan'ity izao tontolo izao ity. Matoky izahay, tsy sahy hahatoky an'ilay rafitra mamy indrindra izahay, fa miankina manontolo eo amin'ny Anaran'i Jesosy. Toy ny ahoana no isaoranay Anao, Ray.

50 Ankehitriny dia efa vonona ny handray anjara eo amin'ny iray amin'ireo—iray amin'ireo didy tena vitsy ara-boajanahary izay Navelanao ho anay izahay. Ny iray amin'izy ireo dia ny batisa, ilay hafa dia ny fandraisana, ary ilay manaraka dia ny fanasan-tongotra. O Andriamanitra, miditra am-panajana fotsiny izahay, mahafantatra fa io Zanak'ondry io dia ilay Zanak'ondrin'ny paska. Ilay—ilay dia an-efitra lehibe dia mipetraka eo alohan'ireo zanaka mihitsy. Tsy maintsy apetraka eo amin'ny tolam-baravarana aloha ilay rà, alohan'ny ahafahana mandray an'ilay zanak'ondrin'ny paska.

51 Andriamanitra, zahao ny fonay ankehitriny. Ao ve ilay Rà, Tompo? Raha tsy ao izany, dia mivavaka izahay mba—mba Hampiharanao an'izany izao ankehitriny izao, manaisotra ny fahotanay ary manarona azy ireny, ka ho tafasaraka aminay izy ireo, Tompo, ireo fahotan'ity izao tontolo izao ity, mba hahafahanay ho masina sy ho azo atolotra ny Rainay ankehitriny raha manatona izahay mba handray ny—ny vatana sy ny Rà nararaka an'ny Zanak'ondrinay, ny Zanak'Andriamanitra, Mpamonjinay. Zahao ny fonay raha mamaky izahay, Ray, ary avy eo dia ataovy ho Anao Manokana izahay. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'ny Zanak'ondry izahay, Jesosy Kristy. Amena.

52 Ao amin'ny Bokin'ny—ny Korintiana, ny toko faha-11, maniry aho ny hamaky andininy vitsy, manomboka amin'ny andininy faha-23 dia izao no vakiako. Paoly miresaka amin'ny fiangonana Korintiana izany.

> *Fa izaho efa nandray tamin'ny Tompo izay atolotro anareo koa, Fa ny Tompo Jesosy tamin'iny alina iny ihany . . . izay namadihana azy dia nandray ny mofo:*
>
> *Ary rehefa* nanolotra *ny saotra izy, dia novakiany izany, ka hoy izy, Raiso,* ary *hano: ity no tenako, izay novakina ho anareo: izao no ataovy ho fahatsiarovana ahy.*
>
> *Arak'izany ihany koa izy dia nandray ny kapoaka,* ary *rehefa avy nihinana izy,* dia nandray ny kapoaka, fa rehefa avy nihinana izy . . .

Miala tsiny aho. Mamelà ahy hamaky azy indray.

> *Arak'izany ihany* koa izy *dia nandray ny kapoaka,* ary *rehefa avy nihinana izy, dia nanao hoe, Ity kapoaka ity no fanekena vaovao amin'ny ràko: izao no ataovy* ho fahatsiarovana, *na oviana* ianareo *no misotro an'*izao, *ho fahatsiarovana ahy.*
>
> *Fa na* oviana ianareo *no mihinana an'ity mofo ity, sy misotro an'ity kapoaka ity, dia maneho* hatrany *ny fahafatesan'ny Tompo ianareo mandra-pihaviny.*
>
> *Koa na iza na iza hihinana an'ity mofo ity, sy misotro amin'ity kapoakan'ny Tompo ity, amin'ny tsi-fahamendrehana, dia ho meloka amin'ny tena sy* ny *ràn'ny Tompo izy.*
>
> Noho izany *dia aoka ny olona handinika ny tenany, ary avy eo dia aoka izy hihinana avy amin'*ny *mofo, sy hisotro avy amin'*ny *kapoaka.*
>
> *Fa izay mihinana sy misotro amin'ny tsi-fahamendrehana, dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an'ny tenany, raha tsy mamantatra ny tenan'ny Tompo.*
>
> *Fa izany no nahatonga ny maro ho* marary *sy* marofy *eo anivonareo, . . . maro no nodimandry.*
>
> *Fa raha isika* no *hitsara ny tenantsika, dia tsy ho tsaraina isika.*
>
> *Fa raha tsaraina isika, dia faizin'ny Tompo, mba tsy hohelohina miaraka amin'izao tontolo izao isika.*
>
> *Noho izany, ry rahalahy, raha miangona hihinana* ianareo, *dia andraso* ny hafa.
>
> *Ary raha misy olona* noana, *dia aoka izy hihinana any an-trano; mba tsy hiangona ho amin'ny fanamelohana* ianareo. *Ary ny sisa* dia halahatro *rehefa tonga aho.*

53 Raha mieritreritra an'ity aho, ilay fotoana feno haja indrindra! Izany dia voasoratra ihany koa rehefa nozaraina voalohany ity fandraisana ity, sy ny fanasan-tongotra . . . izay tsy maintsy avelantsika, satria tsy manana rano isika. Tapaka daholo ny rano, ka tsy manana an'ireo fanamoràna ao amin'ny trano fivoahana akory aza isika izao hariva izao, satria tsy maintsy nampiraikitra an'ilay izy miaraka fotsiny tamin'ny tsara indrindra izay vitany izy ireo, mba hananantsika an'ity fotoana ity izao hariva izao. Fa hanao tahaka ny nataon'izy ireo isika, voalaza, mino aho fa i Lioka no nilaza azy, hoe "Nihira hira fiderana izy ireo dia nivoaka." Fa fantatrareo ve hoe inona no asehon'izao? Fantatrareo ve, tany amin'ny voalohany, fa rehefa natao voalohany tany Isiraely ity didy ity, tany Egypta, dia teo amin'ny làlany nankany amin'ilay tany nampanantenaina izy ireo. Ary izany no tsapantsika izao hariva izao, fa eo amin'ny làlana mankany amin'ilay Tany Nampanantenaina isika. Ary mipetraka eo alohantsika ilay dia.

54 Ary nanana famantarana iray izy ireo, hoe rehefa mandalo ilay anjelin'ny fahafatesana, dia tsy maintsy misy rà eo amin'ny varavarana, raha tsy izany dia maty tao an-trano ny lahimatoa na ny zanaka voalohany. Ilay fisainana dia, ary ny tena dikany dia, tsy maintsy mampihatra an'ilay rà aloha. Efa voamarikareo ve hoe ahoana no nametrahan'i Paoly an'izany eto? "Raha misy mihinana amin'ny tsi-fahamendrehana, dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an'ny tenany izy, raha tsy mamantatra ny Tenan'ny Tompo," izay midika an'ilay zavatra iray ihany, hoe io fahafatesana io, fahafatesana ara-panahy, dia mijanona eo amin'ilay olona izay handray anjara amin'ny sakafo harivan'ny Tompo amin'ny tsi-fahamendrehana. Izany dia hoe, mivoaka misotro sy manao hadalana, ary miaina tahaka an'izao tontolo izao, nefa manatona ny latabatry ny Tompo. Tsy tokony hanao an'izany isika. Ankehitriny dia ndao isika hanadio ny fontsika sy hanadio ny tànantsika amin'ny . . . ary ireo fisainantsika amin'ny fieritreretana ratsy, mba hahafahantsika manatona ny latabatry ny Tompo, am-panajana sy masina, satria fantatsika fa mampifandray ny tenantsika amin'ny Fanatitsika isika, Kristy Jesosy, Izay famonjena tokana antsika.

55 Ary ankehitriny, izao hariva izao, ny fomba anaovantsika an'izao, dia ny iray amin'ireo loholona no aoka hitsangana eto, Rahalahy Zabel. Ary heveriko, Rahalahy Zabel, izao hariva izao, raha hiantso avy eto amin'ny lampihazo aloha ianao, mba ahafahan'ireto olona ireto hiala avy eto amin'ny lampihazo ka hanao ny laharanao voalohany eto, raha sitrakao. Ankehitriny, Rahalahy Zabel no hitarika anareo, afaka fotoana vitsy izany, vantany vao manao an'ireo tso-drano eo amin'ny fandraisana isika.

56 Ity mofo hostia ity, dia namboarin'ny Kristiana iray. Mofo tsy misy masirasira izy. Ary raha hanamarika an'izany

ianareo, rehefa mametraka azy ao anatin'ny vavanareo ianareo, dia tena mafy ilay izy, mba hangidy. Mikentrona izy ary vakivaky, voaharoharo, izay midika an'ilay vatana vakivaky, voaviravira an'ny Jesosy Tompontsika. Oh, rehefa mieritreritra an'izany aza aho, dia toy ny hoe mijanona tsy mitempo ny foko! Rehefa mieritreritra aho fa voaharoharo sy notorotoroina ary nokapohina Izy, ilay Zanak'Andriamanitra tsy manantsiny! Fantatrareo ve hoe nahoana Izy no nanao an'izany? Satria meloka aho. Ary lasa izaho Izy, mpanota iray, mba hahatonga ahy amin'ny alàlan'Ny Fanatiny ho lasa mitovy Aminy, zanak'Andriamanitra iray. Fanatitra iray toy ny inona!

Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

57 Andriamanitra Masina indrindra, raha mihazona an'ity lovia metaly kely ity aho izao hariva izao, ity mofo izay maneho an'ilay vatana vakivaky, voaharoharo, notorotoroina, nokapohina an'ny Tomponay ity, izay niantsoantsoan'ilay mpaminany hoe, "Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika, notorotoroina noho ny helotsika, ny famaizana ho an'ny fiadanantsika dia natao teo Aminy, ary tamin'ireo Dian-kapony no nahasitranana antsika." Oh, toy ny ahoana no ahatsiarovanay an'izany, Tompo! Raha mamatotra ny tenako amin'io Fanatitra io aho izao hariva izao, ary tahaka an'izany ity mpanatrika ity, Tompo, amin'ilay Fanatitra, dia enga anie izahay hahatsiaro ny Tomponay, ny Fahafatesany sy ny Kapo-karavasiny, ary izay Nandalovany ho anay, raha mandray an'ity mofo ity ao anatin'ny vavanay izahay. Andriamanitra, olona tsy mendrika izahay. Tsy sahaza zavatra masina iray tahaka an'izany izahay, noho izany dia aoka ny Fahamasinanao, Tompo, Ny Fanatrehanao sy Ny Rànao, no hanadio ny fonay. Ary raha mandray an'izany izahay, dia enga anie izahay hanana tanjona ao amin'ny fisainanay ny hanompo Azy tsy ankitsahatra andro aman'alina, amin'ny androm-piainanay rehetra. Ankehitriny dia amasino ity mofo ity ho an'izay natao ampiasaina azy. Mangataka amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

58 Ary mihazona an'ity eto an-tànako aho, raha telopolo-. . . teo amin'ny telo amby telopolo taonan'ny asa no nanompoako ny Tompoko, ka menatra ny tenako aho. Fa mieritreritra aho hoe, inona no ho nataoko raha nanana indroa mitete ara-bakiteny avy amin'Ny Ràny aho voatazona eto an-tànako izao hariva izao? Inona no hanaovako an'izany? Fa, fantatrareo, nanana teto an-tànako aho izao hariva izao, eo Imasony, lehibe kokoa, izany dia ilay novidian'Ny Ràny, Ny Fiangonany. Noho izany rehefa mihazona an'ity aho, sy ny ranon'ireto voaloboka ireto, dia mieritreritra an'izany. Hoy Izy hoe, "Tsy hisotro intsony avy amin'ny vokatry ny voaloboka Aho mandra-Pisotroko an'izany miaraka aminareo indray ao amin'ny Fanjakan'Ny Raiko." Noho izany dia mariho fa rehefa tapitra ny ady amin'ny fahotana, ny zavatra voalohany ataontsika rehefa tonga eo amin'ilay ilany

hafa isika dia ny mandray ny fandraisana, ny sakafo harivan'ny Tompo.

59 Ary ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny raha mitso-drano an'ity divay ity isika. Rainay any An-danitra, rehefa mieritreritra aho, raha mihazona an'ity divay eto ity izay maneho ny Ràn'i Jesosy aho, hoe ahoana fa tamin'ny alàlan'io Rà nikoriana io no lasa ny fahotako. Napetraka ao anatin'ny Ranomasin'ny Fanadinoina izy ireo, ary mba tsy ho tsarovana intsony. Ary niaraka tamin'io Rà io, zazalahy iray teo am-pahafatesana no nandry tany amin'ny hopitaly iray indray andro, ka namonjy ahy Ianao. O Andriamanitra, toy ny ahoana no isaorako Anao, Tompo. Ary noho izany dia omeo ahy ny andraikitra, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, mba hitarika ny olona hankeny Kalvary ka haneho amin'izy ireo ny làlana mankany an-Trano. Misaotra Anao, Ray. Ary ankehitriny dia amasino ity divay ity ho an'izay natao hampiasana azy. Ary enga anie ny olona rehetra izay mandray anjara amin'ity sakramenta ity, izao hariva izao, handray hery ara-panahy sy ara-batana ho an'ilay dia izay mipetraka eo aloha. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

[Tolorana ny fandraisana ny fiangonana. Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

60 Ny mitsangana eto ka mandinika an'ireo fianakaviana tonga, dia ho tahaka an'izany ilay izy indray andro any, isaky ny fianakaviana, isaky ny laharana, isaky ny vondrona, mandeha tsirairay. Rehefa mihaona Aminy isika, ho fotoana iray toy ny inona izany, rehefa ny fiainan'olombelona rehetra izay teto an-tany, izay nino Azy sy natoky Azy, no hihaona any amin'izany Andro izany. Tsy hahafinaritra ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

61 Tsy maintsy hamela ny fanasan-tongotra isika izao hariva izao nohon'ny rano. Tsy manana fanamoràna ampy isika izao ankehitriny izao, fa ho voamboatra tsy ho ela izy ireo, matoky isika. Manao ny tsara hatrany izy ireo, ary miasa haingana eo amin'ilay tabernakla vaovao. Na manao ahoana na manao ahoana dia heveriko fa tena mety ny anaovana ny fandraisana amin'ny voalohan'ny taona tahaka an'izao, ity fotoan'andro ity.

62 Ankehitriny, ianareo izay avy any ivelan'ny tanàna, mamilia fiara tena am-pitandremana mihitsy rahampitso raha mandeha mody ianareo. Enga anie Andriamanitra homba anareo. Ary ianareo avy eto amin'ny firenena, akaiky, dia homba anareo anie Andriamanitra ary hanampy anareo. Ary ankehitriny, raha sitraky ny Tompo, ka tsy maintsy hiainga aho ho an'io fivoriana manaraka izay ho avy any Arizona io, ary avy eo raha sitrak'Andriamanitra, dia hiverina hiaraka aminareo indray aho ho an'ireo *Tombokase Fito,* sy arak'izay efa nampanantenaiko mihitsy. Maniry tokoa ny vavakareo aho. Tena mila mafy anareo

mihitsy aho, noho izany dia aza manadino ny mivavaka ho ahy. Ary enga anie ny zavatra rehetra handeha tsara ho anareo. Ary mankasitraka ny fanatrehanareo tokoa aho sy hoe ahoana no nihainoanareo an'izay nolazaiko tao amin'ny Filazantsara. Mino aho fa eo am-panaovana fiovàna iray isika ankehitriny. Ary izaho dia, misaotra anareo aho nohon'ny fahatsarampanahinareo.

63 Ary maro aminareo no namily fiara maily sy maily mba ho tonga hihaino olona tsotra iray tahaka ny tenako miezaka mitondra ny Tenin'Andriamanitra. Azoko antoka fa tonga hihaino zavatra mihoatra lavitra noho izaho ianareo, satria tsy manana na inona na inona azoko atolotra aho. Tsy nianatra aho, tsy manana ny maha-izy azy, tsy misy na inona na inona mikasika ahy. Avy eo rehefa mahita ny olona mamily fiara mandritry ny an-jatony sy an-jatony maily aho, ka mitsangana sy miandry eto, amin'ny roa ora maraina, tsy ho an'ny inona na inona izay ananako izany. Kristy izany. Tena faly aho fa tia Azy ianareo. Ary izaho dia tia Azy, ihany koa. Ary isika rehetra miaraka dia tia Azy. Koa satria tia Azy isika, dia tsy tokony hisaraka isika. Mety misaraka mandritry ny vetivety kely isika eto, raha mandeha ny fotoana, saingy hiaraka indray isika. Efa faniriako mihitsy ny hiezaka hitarika ny olona ho eo amin'io toerana io.

64 Ary ankehitriny eo am-panombohana taona vaovao iray, dia tiako ny hilaza, tsy hoe "Tratry Ny Taona Vaovao" aminareo, tiako ny hilaza an'izao aminareo hoe, "Andriamanitra hitahy anareo." Ary raha manao an'izany Izy, dia izay ihany no hilainareo ho an'ilay taona ho avy. Ary matoky aho fa hanao Izy.

65 Ary izaho dia, nohon'ny Fahasoavany, hiezaka isika amin'ity taona manaraka ity, raha hitahiry ahy Izy, hitahiry anareo, nohon'ny Fahasoavany dia manantena aho fa ho pasitera iray tsaratsara kokoa aho amin'ny taona manaraka noho ny efa nahaizy ahy tamin'ity taona ity, manantena aho ny ho mpanompon'i Kristy iray tsaratsara kokoa. Hiezaka mafy aho ny hiaina akaiky kokoa, mahatoky bebe kokoa, hitondra ny Hafatra arak'izay Omeny ahy mihitsy, hitondra an'Izany aminareo amin'ny tsara indrindra izay vitako aho, tsy hihazona na inona na inona amin'izay Tiany homeko anareo. Hanao an'izay rehetra azoko atao aho. Ary fantatro fa mahatsapa tahaka an'izany ianareo. Ianareo—toy ny mahatsapa ianareo hoe te-hiaraka hiasa isika rehetra ankehitriny, satria miha-mihena tokoa ireo hazavan'ny hariva, ary milentika lavitra ny masoandro. Miha-mangatsiaka ny tany, fantatsika izany, amin'ny resaka ara-panahy, miha-mangatsiaka ny fiangonana ary tapitra ny fifohazana. Tsy fantatsika hoe inona no tonga manaraka, fa hatoky an'Andriamanitra isika ho an'izany, na inona na inona ilay izy. Ary ankehitriny satria isika indraindray . . .

66 Tiako ianareo hahatsiaro fa ny tabernakla eto no manana ny iray amin'ireo pasitera lehibe indrindra izay misy eto amin'izao tontolo izao, Rahalahy Orman Neville, lehilahy masina iray, lehilahy tsara iray. Ary amin'ny tsy maha-eto ahy, dia Rahalahy Neville no miandraikitra feno, toy ny hoe eto mihitsy aho. Ireo mpitantan-draharaha, diakona, sy ny sisa, dia tsy maintsy mijanona eo amin'ireo asany tahaka ny ataon'izy ireo fotsiny. Ary ity no foibentsika. Eto amin'ity isika no—isika no—isika no miantsona, eto mihitsy. Tsy hiaraka amiko ho any i Billy Paul, fa ho an'ilay fivoriana fotsiny ihany, dia hiverina eto izy. Ny raharaha sy ny rehetra dia hitohy handeha mihitsy eto mitovy fotsiny. Mandeha any fotsiny aho, izany dia tsy midika fa handao anareo aho. Handeha fotsiny aho, azonareo, fahitana iray fotsiny ilay izy. Tsy fantatro izay dikan'izany. Matoky sy tena mino aho fa ho an'ny fanatsarana kokoa ny Fiangonana manontolo izany. Ary fantatro fa ho tsaratsara kokoa ho antsika rehetra raha manaraka ny fitarihan'ny Tompo isika. Izay ihany no fantatsika hatao. Tsy mora ilay izy ho ahy. Tsaroako indray mandeha talohan'ny tsy maintsy nandehanako nanalavitra ny fiangonana eto. Mahatsiaro an'izany ny sasany amin'ireo tamin'ny andro fahiny, toy ny ahoana no tsy nahafahako mihitsy nanao an'izany! Tiako ny olona.

67 Fony aho zazalahy kely iray dia tsy notiavina aho, tsy nisy olona niahy ahy fony aho ankizy iray, ary izaho, rehefa nahita olona iray tia ahy aho, izaho—nieritreritra aho hoe, "te-ho faty ho azy ireo aho." Ary ankehitriny, satria misy olona iray tia anareo, dia misy olona iray miahy. Nihanika teo amin'ny andry iray aho indray mandeha ka niendaka avy teo amin'ny andry sedera antitra iray ny faraingoko, ary teny amin'ny avo ilay fatorana, ka voadonako tamin'ny fanindron-kiraroko ilay izy ka nihodinkodina aho, nianjera teo amin'ny dimy ambin'ny folo dian-tongotra ary voahazona teo amin'ny sandriko. Nihiakiaka ny ramatoa iray, ary somary nikapokapoka ny tenany tahaka an'*izao* izy. Tiako foana io ramatoa io, niahy izy. Olona iray izay niahy izy. Dia nieritreritra foana aho hoe, "ny olona rehetra izay niahy ahy, dia tiako izy ireny."

68 Ary teto fotoana vitsy lasa izay dia tany an-tanàn-dehibe aho, nieritreritra an'ireo andro izay nisy taloha aho, sy izay efa nataon'Andriamanitra ho ahy, ka mankasitraka tokoa aho. Ary misaotra anareo aho nohon'ny fitiavanareo sy ny fiombonanareo. Ary tsy hiezaka hitarika ratsy anareo mihitsy aho. Ho ilay fomba marina foana izany, ny tsara indrindra amin'ny fahalalako. Ary nandray naoty ahy ianareo, tsy nilaza na inona na inona mikasika ny tenako mihitsy aho, Jesosy Kristy foana izany. Hitanareo? Hitanareo? Niezaka nijanona akaiky tamin'Ny Teniny mihitsy arak'izay fantatro hijanonana aho, mba hitarika anareo sy hitari-dàlana anareo ho amin'ity toerana ity.

69 Ary apetrako eo an-tànan-dRahalahy Neville ianareo ankehitriny, eo an-tànan'Andriamanitra aloha, ary avy eo dia eo amin'ny tànam-piahian-dRahalahy Neville, mba hitandrina ny fiangonana sy hiambina an'ilay lova mandra-pahavitako an'io fivoriana io ka hiverina aminareo indray. Matoky aho fa aorian'io fotoana io dia afaka hitondra aminareo fanambarana lehibe iray avy amin'Andriamanitra aho, izay hampientanentana ny fo rehetra sy hanome voninahitra ny Fiangonan'Andriamanitra.

70 Mazàna isika no mandray ny fandraisana. Tsy tehilaza amboniny intsony aho, fantatrareo izay tsapako. Ary mieritreritra an'ilay hira izay tokony ho hiraintsika aho izao ankehitriny izao hoe, *Ny Finoako Miandrandra Anao, Ianao Ry Zanak'ondrin'i Kalvary.* Ary raha mitsangana isika ka mihira an'izany, dia ndao isika hifandray tànana, ka hanao hoe "Andriamanitra hitahy anao."

Ny finoako miandrandra Anao,

71 Ho tahiana ianao, ry rahalahiko. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy.

Mpam-. . .

Andriamanitra hitahy anao, rahalahy.

. . .-sina.
Ankehitriny . . . ( . . . ? . . . )
. . . Anao manontolo!

Ndao isika hanangana ny tànantsika Aminy ankehitriny.

Ny finoako miandrandra Anao,
Ianao ry Zanak'ondrin'i Kalvary,
Mpamonjy Masina;
Ankehitriny henoy aho raha mivavaka,
Esory ny heloko rehetra,
O avelao aho manomboka amin'ity andro ity
Ho Anao manontolo!

72 "Mandra-pihaonantsika!" Ndao isika hihira ny *Mandra-pihaonantsika Indray.* Ny olona rehetra mifandray ankehitriny.

Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
Mandra-pihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy;
Mandra-pihaonantsika!

[Miresaka moramora amin'ny olona iray Rahalahy Branham—Mpand.] . . . ? . . .

. . . homba anao mandra-pihaonantsika indray!

Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
Mandra-pihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy;
(mandra-pihaonantsika)
Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
Homba anao anie Andriamanitra mandra-pihaonantsika indray!

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny.

73 Rahalahy Neville, nahoana, tsy hampirava anay amin'ny vavaka ve ianao. Andriamanitra hitahy anao.

*Ny Ady* MAG62-1231
(The Contest)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alatsinainy hariva, 31 Desambra 1962, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A, dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:



Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org